



Siège national

47 rue de Clichy
75 009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

PASKA FIADANANA SY FANDRIAM-PAHALEMANA

1Ary tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro dia nandeha maraina koa mbola maizimaizina hankany amin'ny fasana Maria Magdalena ka nahita ny vato voaisotra tamin'ny fasana. (Jaona 20.1)

Faly miarahaba antsika nahatratra ny paska ry havana. Nitsangana tamin'ny maty Jeso Kristy Tompo mba hampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina ho eo amin'ny mazava. Enga anie ry havana hiasa mahery ao am-pontsika mandrakariva ny Fanahy Masina mba hahatonga antsika, ny fianakaviansika, ary ny fiangonantsika hitombo @ izany fahazavanan'i Kristy izany Ka ho tonga fitaovana ho fampandrosoana ny fanjakan'Andriamaniaotra eto amin'izao tontolo izao isika hisian'ny fiadanana sy ny fandriam-pahalemana eo amin'ny sehatra rehetra.

Raha ampitahana ny fitantaran'ny Matio, Marka, Lioka, ary Jaona ny amin'ny fitsanganan'i Jeso tamin'ny maty, dia ny an'i Jaona no hafa indrindra.

Hoy mantsy Jaona ao amin'ny toko 20.1

"1Ary tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro dia nandeha maraina koa mbola maizimaizina hankany amin'ny fasana Maria Magdalena ka nahita ny vato voaisotra tamin'ny fasana".

Teny telo ampiasain'i Jaona eto no mifandray akaiky amin'ny famoronana izao tontolo izao araka ny hita any @ Gen 1. Tsy inona ireo fa "**Ny andro voalohany**", "**Herinandro**" "**mbola maizimaizina**". Handeha ho jerentsika tsirairay ireo mba andraisana hafatrin'ny Paska ho antsika amin'ity taona 2023 ity

HERINANDRO

Andeha ho raisintsika voalohany ny **HERINANDRO**. Teo @ famoronana ao @ bokin'ny Genesisy dia hafitoana no naharian'Andriamanitra an'izao tontolo izao. Rehefa vitany avokoa ny zavatra rehetra tamin'ny andro fahaenina dia nanao sy

andro fahafito ho andro fitsaharana Andriamanitra. Araka'izany ny andro voalohany ho an'ny olona dia ny andro fahafiton'Atra. Izany hoe vao hary ny Zanak'olombelona dia nampidirin'Andriamanitra tao @ fitsaharany. Nirindra tsara avokoa ny fifandraisana teo @ Andriamanitra sy ny olona, teo @ olona samy olona ary teo @ olona sy ny zava-boary rehetra. Samy nidera sy nanome voninahitra an'Andriamanitra izy rehetra...

Indrisy anefa ry havana fa rava sy simba izany fitsaharana izany noho ny fahotana tafiditra teto @ izao tontolo izao. Vokatr'izany dia nanjaka ny fitiavan-tena, ny ady sy ny korontana. Tonga araka ny lazain'ny Jeso ao @ Matio 24 hoe feno ady sy filazana ady eto @ izao tontolo izao. Misy firenena mitsangana mamely firenena. Amin'izao taona 2023 izao dia miatraika amin'ny fiainan'ny fianakaviana ny vokatr'izany rehetra izany.

ANDRO VOALOHANY

Teo @ famoronana izao tontolo izao ny andro voalohany no nanaposahan'Andriamanitra ny mazava ary nampisarahany ny mazava sy ny maizina. Hita amin'izany fa eo amin'ny fitantaran'i Jaona ny fitsanganan'i Jeso tamin'ny maty dia misy ezaka fampifandraisan'i an'io fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty io amin'ny fiposahan'ny mazava eto amin'izao tontolo izao tany amin'ny famoronana. Efa rakotry ny aizin'ny lainga sy ny fitiavan-tena ary ny ady maro isan-karazany isan'ambaratonga eo amin'ny sehatra rehetra izao tontolo izao. Koa nitsangana tamin'ny maty Jeso hiverenan'ny fiadanana sy ny fihavanana hanjaka indray eo anivon'ny izao tontolo izao. Izany no hevity ny fisaorantsika isaky ny mandray fanasan'ny Tompo: ***Misaotra ny Ray izay nahapahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina ho eo amin'ny mazava.***

Tamin'io andro nahatongavan'i Maria Magdalena teny amin'ny fasana io ry havana dia efa niposaka ny mazava. Io ilay lazain'ny Isaia 60 hoe: "*1Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao. 2Fa, indro, ny aizina manarona ny tany, ary ny aizim-pito manarona ny firenena; fa aminao kosa no iposahan'i Jehovah, ary aminao no isehoan'ny voninahiny*".

MBOLA MAIZIMAIZINA

Izany no teny fahatelo entin'i Jaona milaza ny fitsanganan'i Jeso tamin'ny maty. Eto no ilazana fa misy ny hafatra tian'i Jaona apetraka amin'ny mino amin'izao andro Paska izao. Efa niposaka ny mazava satria efa nitsangana Jeso. Kanefa ny fon'ny mpianatra tsy nandray tanteraka izany fahazavana izany, mbola maizimaizina

tamin'ny mpianatra ny fitsanganan'ny Tompo tamin'ny maty. Izany no asehon'i Jaona eto amin'ny and 2: **Nalain'olona tao am-pasana ny Tompo**, ka tsy fantatray izay nametrahan'ny Azy. **Efa nitsangana Jesosy kanefa mbola maizina tamin'ny mpianatra ny zavatra rehetra. Ny tena ahatongavana amin'ny fahazazan'ny Paska dia ny fandraisana sy finoana ny tenin'Andriamanitra.**

Na ny finoan'i Jaona voalaza eo @ 8b-9 aza dia tsy tena mazava raha tsy ny Soratra Masina: **"ary nahita ka nino. 9Fa tsy mbola fantany ny Soratra Masina fa tsy maintsy hitsangana amin'ny maty Jesosy.**

Nitombo miandalana ny fahazoan'ny mpianatra ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty sy ny fahazavana naterak'izany tao am-pon'izy ireo. Izany no hita teo amin'ny Tomasy

"26Ary nony afaka havalohana, dia tafangona teo indray ny mpianany, ary teo koa Tomasy. Dia tonga Jesosy, rehefa voarindrina ny varavarana, ka nitsangana teo afovoany, dia nanao hoe: Fiadanana ho anareo. 27Ary hoy Izy tamin'i Tomasy: Atehefo eto ny rantsan'tananao, ka jereo ny tanako; ary atehefo eto koa ny tananao, ka ataovy amin'ny lanivoako; ary aza ho isan'izay tsy mino, fa minoa. 28Dia namaly Tomasy ka nanao taminy hoe: Tompoko sy Andriamanitra!"

Izany ilay Jeso Andrianan'ny fiadanana, mampahazava ny fon'ny olona. Ny vavaka atao dia mba hitombo amin'ny fahalalana sy ny fiombonana amin'izany Jesosy velona izany isika rehetra amin'ny fandraisana sy ny fivelomana amin'ny Teniny mba hahatonga ny mino tsirairay ho mpitondra fiadanana sy fihavanana ary fahamarinana eto amin'izao tontolo izao, manomboka eo anivon'ny fianakaviana. Ka ho tanteraka amintsika ny tenin'i Soratra Masina ao amin'ny Fil 4.7 manao hoe:

"Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy".

Ka ho tonga fiadian'ny fahamarinana isika araka ny Rom 6.13 manao hoe:

"aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin'ny ota ho fiadian'ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an'Andriamanitra. Ho aminareo anie ny fiadanana.

Seth RASOLONDRAIBE, Pasteur



Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

PASKA FIRAVOROVOANA

« Aoka isika hanao andro firavorovoana » (1 Korintiana 5.8)

Amin'ny fomba ahoana no hifaliana sy hiravoana rehefa tojo andro sarotra sy manahirana ny olona? Ny fikorontanana samihafa miseho eo anivon'ny fiarahamonina dia hita ao amin'ny tokantrano ihany koa ka betsaka ny ankizy sy ny tanora no mikomy ary tsy mankatò ny ray amandreniny. Fihetsika mamoa-fady mihitsy aza no vitan'izy ireny rehefa tafahoatra ny fahalalahana (libertinage). Mivady amin'ny renikeliny ny zanaka lahy (and.1). Izany ve no firavorovoana izay ampirisihina ny Fiangonana mba hataony satria samy afaka manao izay tiany ny olona ka tsy misy azo fefena amin'izany (and.2)? Saro-pady ny Fiangonana no sady mbola marefo ka tsy maintsy arovana manoloana ny fahavalo mety hanimba azy. Anisan'ny fomba hatao àry dia ny fanasana ny Fiangonana mba hanao andro firavorovoana! Nahoana?

1. Satria nandray fahasoavana izy (graciée)

Mampiraviravy tanana ny toe-java-misy noho ny tsy fananana vahaolana. Ao ampiangonana aza misy fitondrantena mamoa-fady izay tsy fahita akory any ivelany! Tsy nifototra tamin'ny finoana kristiana ny mpivavaka ka izay no tena olona. Nanan-kery tamin'izany ny fahalalana (gnose) ka izay ataon'ny nofo dia heverina fa tsy manan-kery amin'ny fanahy satria samy mahaleo-tena izy roroa. Mbola misy ny mpivavaka « gnostika » hatramin'izao. Mihevitra izy ireny fa efa voavonjy ny fanahy ka dia afaka miliba ny nofo. Nanarina mafy ny mpanao toy izany satria tsy mahazo mandova ny fanjakan'Andriamanitra izy (and.13 / Galatiana 5.19-21).

Manimba ny Fiangonana ny famelana ny asan'ny nofo hahazo vahana ao aminy (l'influence du monde dans la foi chrétienne pervertit l'Église). Izany no ambara eto hoe « masirasira » (levain) ka tsy maintsy esorina satria manatsatso ny hasin'ny Fiangonana.

Hatao ahoana ny fanesorana ny sira efa levona ao anaty vongana? Rehefa be sira tokoa ny sakafo dia fanao ny manampoka zavatra hafa mba hampihena ny heriny. Fampiasa amin'izany ohatra, ny siramamy. Sira hafa mihitsy araka izany no hanafoana ny sira efa nahazo toerana teo aloha. Manambara ny fahasoavan'Andriamanitra ho an'ny Fiangonana izany. Ny fahafatesan'i Kristy no toy ny sira«mamy» mandevona izay siran'izao tontolo izao ao amintsika. Ary ny fitsanganany tamin'ny maty no hahazoantsika ihany koa mitsangana ho olom-baovao izay fanasin'ny tany. Izany indrindra no iantsoana ny mino rehetra mba hanao andro firavorovoana isanandro satria avaozin'i Tompo isanandro izy noho ny fifandraisana Aminy!

2. Satria mpandresy izy (victorieuse)

Tsy afaka ny hiravoravo ny olona resy. Rehefa hita manjorettra sy kivy ny fiangonana dia mampametra-panontaniana ihany raha mpandresy tahaka an'i Kristy izay tompoiny izy.

Ny tanora dia mangetaheta izany fotoam-piravorovoana izany hatrany, hany ka voasarika any ivelany izay hahitany izany izy ireo. Adidin'ny Fiangonana ny miaro ny vahoakan'Andriamanitra mba tsy hialany amin'ny fahasoavana. Manana fahalalahana ny olona tsirairay handeha amin'izay tiany, kanefa tsy maintsy miambina kosa ny Fiangonana ndrao ho simban'ny fihetsiketsehana ivelambelany sy ny lanonana tsy mahavoka-tsoa izy.

Aza hadinoina fa fety isanandro ny fiainan'ny kristiana nanomboka teo amin'ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty. Andro voalohany amin'ny herinandro araka ny alimanaka jiosy no nanaovana izany (alahady). Toy ny mamonjy fety ny mino isak'alahady ka nazoto niaranivavaka sy nandinika ny Tenin'Andriamanitra ary niombona tamin'ny adidy izay nilain'ny Fiangonana (Asa 2.41-44). Nahazo fampaherezana sy fanampiana izay mila vonjy rehetra rehefa tao amin'ny fiombonana hany ka nahasarika olona maro avy ety ivelany (Asa 2.45-47). Tsy ny arapanahy ihany no imasoan'ny Fiangonana fa ny lafiny sosialin'ny olona ihany koa. Ny fitsanganan'i

Jesoa Kristy tamin'ny maty dia tsy ara-panahy ihany fa tena vaovao (corps nouveau) no nitsangana ho fiombonany amin'ny zavabohary rehetra izay miandrindra ny fanavaozana (solidarité du Ressuscité avec la création qui attend son renouvellement). Koa arahaba tratry ny paska fanavaozana izay maharavo ny mino sy ny zavabohary manontolo!



Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

PASKA 2023

Alahady 9 Aprily 2023

- Feon'orga

FIFAMPIARAHABANA - FIANTSOANA

- Hira : 146 (*"Anao ny dera, ry Zanaky ny Ray*)

- Vavaka fihaonana

SITRAPON'ANDRIAMANITRA

FIAIKEN-KELOKA

Mpitarika : (Vavaka)

Fiangonana :

« RY RAINAY BE FAMINDRAM-PO Ô, MITALAHO AMINAO IZAHAY ; MAMELÀ NY HELOKAY ; DIOVY IZAHAY HO AFA-PAHOTANA ; SASAO IZAHAY HO AFA-KELOKA ; ARY HAVAOZY NY FANAHAHINAY MBA HO VONON-KANOMPO ANAO. NY FITIAVAN'Ï JESOSY KRISTY ZANAKAO MPAMONJY ANAY NO ANGATAHANAY AMINAO. AMENA. »

- Hira :

Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay !

Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay !

Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

TENY FAMELAN-KELOKA SY FIAHAVANANA

Mpitarika : (Teny famelan-keloka)

Fiangonana : AMEN

FANKALAZANA

Mpitarika : VONINAHITRA ANY AMIN'NY AVO INDRINDRA HO AN'ANDRIAMANITRA

Fiangonana : ARY FIADANANA HO ETY AMBONIN'NY TANY AMIN'NY OLONA
ANKASITRAHANY.

- Hira : 128 ("*Efa velona ny Tompo*", and. 2 sy 3

FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA

- Hira : 133, and. 1, 2 sy 3 ("*Efa namangy ny olony*")

Mpitarika : *HO AMINAREO ANIE NY TOMPO*

Fiangonana : *ARY HO AMIN'NY FANAHI*

Mpitarika : *Vavaka noho ny Teny*

- ASA Asa. 10, ^{34 - 43}

- EPISTILY 1Kor. 5, ^{6 - 8}

- FILAZANTSARA Jao. 20, ^{1 - 10}

Fiangonana : *ISAORANA ANIE NY TOMPO NOHO NY FILAZANTSARA !*

FANEKEM-PINOANA

- Hira : 133, and. 4, 5 sy 6 ("*Teniny tsy mba mivadika*")

TORITENY

- Feon'orga

- Antoko Mpihira

FANOKANANA SY FANDRAISAN-TANANA DIAKONA

- Hira : 288, 428

- Hiran'ny Diakona vaovao

- Filazan-draharaha

FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO

- Hira : 141, and. 1, 4 sy 5 ("*Efa resy izao na dia ny fasana aza*")

Mpitarika : *HO AMINAREO ANIE NY TOMPO ! AOKA HIZARA NY FIADANANA ISIKA*

Fiangonana : *HO AMINAO ANIE NY TOMPO !*

ARY HO AMINAO KOA

- Préface (*Mitsangana*)

Mpitarika :

ENY TOKOA TOMPO Ô, RAY MASINA, ANDRIAMANITRA MANDRAKIZAY, MAHEFA NY ZAVATRA REHETRA, METY SY MAHAVONJY NY ISAORANAY ANAO AMIN'NY FOTOANA REHETRA SY AMIN'NY TOERANA REHETRA AMIN'NY ALALAN'I JESOA KRISTY TOMPONAY, IZAY TIA ANAY SY NANOLO-TENA

HAMONJY ANAY ; AMIN'NY ALALANY KOA NO IDERAN'NY ANJELY NY FIANDRIANANAO SY ITSAOHAN'NY FANAPAHANA SY NY FAHEFANA REHETRA ANAO AMIN'NY TAHOTRA ARY IARAHAN'NY FIANGONANA ANY AN-DANITRA SY ETY AN-TANY MIDERA NY ANARANAO AMIN'NY FIOBIANA ARY IZAHAY KOA ANKEHITRINY MIARA-MANANDRATRA NY FEONAY AMINY, KA AMIN'NY FANAJANA LEHIBE NO IDERANAY HOE :

- Hira :

Antema 1 (Sanctus) *Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Fenô ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô ! Amena*

Vavaka

Mpitarika:

RY KRISTIANA MALALA, AOKA ISIKA HAHATSIARO AN'I JESOA KRISTY IZAY MATY NISOLO ANTSIKA SY NITSANGANA HO FANAMARINANA ANTSIKA, DIA FANATI-PIHAVANANA NATOLOTR'ANDRIAMANITRA ANTSIKA, ARY AOKA ISIKA HIARA-MISAOTRA SY HIVAVAKA :

MISAOTRA ANAO IZAHAY ANDRIAMANITRA RAINAY, TOMPON'NY LANITRA SY NY TANY, FA NOHO NY FAMINDRAM-PONAO AMINAY MPANOTA MAHANTRA, DIA NOMENAO NY ZANAKAO LAHY TOKANA, MBA TSY HO VERY IZAY REHETRA MINO AZY FA HANANA FIAINANA MANDRAKIZAY.

AMENA AVIA JESO TOMPO

- Hira : 176, and. 1, 2 sy 3 ("**Avia, Fanahy Masina ô!**")

TENY FANORENANA SY FANAMASINANA

Mpitarika: JESO KRISTY TOMPO TAMIN'NY ALINA IZAY NAMADIHANA AZY DIA NANDRAY NY MOFO, ARY REHEFA NISAOTRA IZY DIA NOVAKIANY KA HOY IZY :« RAISO, HANO, ITY NY TENAKO IZAY OMENA HO ANAREO, IZAO NO ATAOVY HO FAHATSIAROVANA AHY. »

ARY TOY IZANY KOA NY KAPOAKA REHEFA NIHINANA, DIA HOY IZY :

« MISOTROA AMIN'ITY HIANAREO REHETRA, FA ITY NO RAKO DIA NY AMIN'NY FANEKENA VAOVAO IZAY ALATSAKA HO AN'NY REHETRA HO FAMELAN-KELOKA. KOA NA OVIANA NA OVIANA NO MISOTRO HIANAREO, DIA IZAO NO ATAOVY HO FAHATSIAROVANA AHY. » MISAOTRA NY RAY, IZAY NAMPAMENDRIKA ANTSIKA HANANA ANJARA AMIN'NY LOVAN'NY OLONA MASINA EO AMIN'NY MAZAVA. AMENA.

- Hira : 117 (Agnus Dei)

10, ry Zanak'ondry,

He ! Hianao nijaly ;

Ory, voahombo,

Anefa tsy namaly ;

Ny helokay nalainao,

Ka maty re ny ainao

Mba iantrao izahay, ry Jeso !

30, ry Zanak'ondry,

He ! Hianao nijaly ;

Ory, voahombo,

Anefa tsy namaly ;

Ny helokay nalainao,

Ka maty re ny ainao

Ampiadanonao zahay re !

Mpitarika

-EFA NANDRAY NY FANAHY MAHA-ZANAK'ANDRIAMANITRA ANTSIKA ISIKA, KOA IZANY NO HAFAHANTSIKA MANATONA NY RAY, HOE

-**Fiangonana** (*Vavaka nampianarin'ny Tompo*)

Mpitarika

NY MOFO IZAY VAKIANTSIKA DIA FIRAISANA AMIN'NY TENAN'I JESO KRISTY TOMPONTSIKA. NY KAPOAKY NY FISAORANA IZAY ISAORANTSIKA DIA FIRAISANA AMIN'NY RAN'I JESO KRISTY TOMPONTSIKA.

HOY NY TOMPO : ANDEHA, EFA VOAVOTRA AVOKOA NY ZAVATRA REHETRA !

Fanasana (254, 261)

- **FANDRAISANA**

- Teny fampaherezana (*mitsangana*)

Mpitarika:

JESO KRISTY TOMPONTSIKA IZAY VOAHOMBO TAMIN'NY HAZO FIJALIANA KA NITSANGANA TAMIN'NY MATY NO EFA NANOME ANAREO NY TENANY SY NY RANY IZAY NANAVOTANY ANAREO TAMIN'NY FAHOTANA REHETRA, IZY ANIE HANPAHERY SY HIARO ANAREO AMIN'IZANY AMIN'NY FINOANA MARINA HO FAHASAMBARANA MANDRAKIZAY. HO AMINAREO ANIE NY FIADANANA !

Fiangonana : AMENA

- Hira : 266 (« *Ry Jeso Tompo, Hianao* »)

- Vavaka fisaorana sy fangatahana

HAFATRA SY TSODRANO

- Hira : 142, and. 1 sy 2 ("*Tafatsangana tokoa*")

Mpitarika: Tsodrano

- Hira : 142, and. 4 ("*Haja, laza aterinay*")

Mpitarika:

VONINAHITRA HO AN'ANDRIAMANITRA RAY SY ZANAKA ARY FANAHY MASINA IZAY HATRMIN'NY TALOHA INDRINDRA KA HO MANDRAKIZAY. AMENA.MANDEHANA AMIN'NY FIADANANA, KA MANOMPOA NY TOMPO !

Fiangonana : ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !

- Feon'orga firavana